

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fahasitranana ho an’ny Rehetra

Voaratra Jesosy mba ho sitrana isika.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

> " Ary nony hariva ny andro, dia nentin’ny olona tany aminy ny demoniaka maro; ary ny teniny ihany no namoahany ny fanahy ratsy, ary izay narary rehetra dia nositraniny avokoa, mba hahatanteraka izay nampilazaina an’Isaia mpaminany hoe: Izy naka ny rofintsika sy nitondra ny aretintsika.” (Matio 8:16 –17)

Nampiasa teny roa hilazana olana ara-batana i Matio: “rofy” sy “aretina”. Mba hanavahana azy ireo, dia azontsika atao ny mamaritra ny rofy ho fahalemena—ireo zavatra atahorantsika, toy ny sehon’ny tsy fahazakana sy fanindronan-tantely; aretina azo faritana ho aretina amin’izao, toy ny kôlerà na gripa.

Nanoratra i Matio fa ny asa fanasitranana nataon’i Jesosy dia ny fahatanterahan’ny Isaia 53, ary nanantitrantitra fa “nanasitrana ny rehetra” i Jesosy. Nahoana? Satria tao amin’ny toro-hevitra mandrakizain’Andriamanitra, dia efa nitondra ny aretintsika Izy ary nizaka ny fijaliantsika. Vaovao tsara izany! Raha tena nino an'izany ny fiangonana, dia ho tsotra ny fitoriana ny filazantsara.

Ny fandehanana any Pakistan dia traikefa nampiharihary tamiko satria 98 isan-jaton'ny mponina dia Silamo. Nahatratra 16, 000 ny olona tao amin’ny fivorianay nefa tsy nisy fanentanana firy. Nahoana? Satria nivavaka ho an’ny marary izahay—dia sitrana izy ireo. Tsy izy rehetra, fa toy ny vitsivitsy fotsiny izy ireo. Nahiratra ny jamba, nandre ny marenina, nandeha ny mandringa. Minoa ahy, tsy misy olana ny fahazahoana vahoaka rehefa misy fanasitranana. Io no fomba voalohany indrindra ao amin'ny Testamenta Vaovao mba hisarihana ny olona.

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Manambara aho fa tamin’ny soron’i Jesosy, ny fanasitranan’Andriamanitra dia azon’ny rehetra, anisan’izany ny tenako, satria noratraina Jesosy mba hahasitrana ahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.


© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-104-MLG

Nohavaozina farany: 09 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis